

TENY FAMPIDIRANA - Famangiana pastoraly ANDAPA ny Alahady faha 13 desambra 2015

Mbolatsara atsika jiaby !

Andrompahasoaavana, andro lehibe ho antsika ato amin'ny misionan'ny Andapa izao Alahady fahatelo fiavian'ny Tompo izao. Alahady izay hanombohana amin'ny Eglizy Katokila eran-tany ny TAONA MASINA. Natombon'i Papa tamin'ny Alahady faha 29 novambra 2015 tany Bangui, tamin'ny fetin'i Kristy Mpanjaka izay taona masina izay. Nosokafana tamin'ny renivohitrin'ny Eglizy ho an'izao tontolo izao tamin'ny 08 desambra fetin'i Masina Maria fa ny atsika teto amin'ny Diosezy dia tamin'ny Alahady 06 desambra, talohan'ny fetin'i Masina Maria no nanokafana azy tany Antsiranana.

Ao anatin'izay taona masina izay no iarahantsika eto amin'ny misionan'ny Andapa na ny avy any Ambanivolo na ny avy eto an-toerana mankalaza izao Eokaristia izao hirosoantsika lalindalina amin'izay fiainana ny maha-Kristianina atsika. Izay no antony nofidin'i Papa Fransoa an'izao taona masina izao. Matetika aho milaza amintsika fa tsy mba misy zavatra kisendrasendra ao amin'Andriamanitra fa ataony izao rehetra izao mba hanampy atsika hifantoka bebe kokoa amin'izay finoana izay. Ny finoana tokoa no maha-voavonjy fa tsy misy zavatra hafa : na ny vola, na ny harena dia tsy hazahoana famonjena na oviana na oviana. Izay no ambaran'ny tenin'Andriamanitra androany izay hifakafakaintsika rehefa avy eo. Tsy ny vola, tsy ny fahefahana, tsy ny rehareha ny maha-voavonjy fa ny finoana ary ny finoana dia hifantohantsika amin'Andriamanitra. Izay no nahatonga an'i Papa Fransoa nifidy an'izao taona masina izao hoy isika teo. Ary raha tadidinareo tsara, raha vao nanomboka aho ka nanao ny famangiana taty, marobe ianareo avy eto Andapa nankany Sambava nitsena ahy ary nitohizantsika teto Andapa izay, hoy aho hoe: marary izao tontolo izao, hifantoka amin'ny fianakaviana isika, ary tao Sambava no nanaovako antso avo tamin'izay. Raha nanokana an'izao taona masina izao ny Papa dia mahatsapa fa marary izao tontolo izao satria manalavitra Andriamanitra. Zavatra hafa no zary tompoina fa tsy Andriamanitra, zary ny vola, ny rendrarendran'izao tontolo izao no manjaka ary hatramin'ny tontolo iainana aza no potehina. Nametraka an'izao taona masina izao ny Papa Ray masina mba hiverenantsika amin'Andriamanitra, izay no atao hoe FAMINDRAMPO: Andriamanitra mamindra ny fony amintsika. Satria ny loharano manimba ny fiainantsika tsy avy any ivelany, tsy ireo sampy izay ataontsika fa ny sampy foronin'ny fontsika.

Ny fontsika no manapotika ny fiainantsika ka aoka ary amin'izao taona masina izao hiverina amin'ny Tompo isika. Izay ny hafatra ataon'ny Papa amintsika. Ny evanjely hohenointsika rehefa avy eo manontany an'i Joany hoe : Inona ary no ataonay ? Io koa ry Kristianina havana ny fanontaniana apetrakantsika tsirairay avy ary mila valiny. Ny famangiana pastoraly izao koa no anaovantsika izany dingana lehibe izany, ary ao anatin'ny fankalazana ny taona masina sy fankalazana ny faha-60 taonan'ny diosezintsika ihany koa. Na mbola tsy nihaona taminareo aza aho ankoatry ny tanora omaly, misy tatitra tonga aty amiko, ka io tatitra io no hampitako hafatra vitsivitsy amintsika. Ataontsika torolàlana ho entintsika mivelona an'izay taona masina izay ato amin'ny misionan'ny Andapa. Ity tatitra ity amin'ny ankapobeny dia tatitra avy amin'ny Eglizy fototra eto Andapa fa tsy avy amin'ny misionan'ny Andapa ka noho izany tsy feno ny tatitra. Zavatra anankiray tsapa ihany koa efa manao ezaka isika, bravo! Ny zavatra tsapa ankoatry ny tatitra avy amin'ny fikambanana sy firohotana, ary na ao anatin'ny fikambanana sy firohotana, marina nametraka mihitsy aho ary mbola mamporisika atsika : "raiso an-tànana ny fiainan'ny Eglizy" fa ny tatitra ato anefa dia tatitra ara-bola no betsaka ka tsy hitako ny maha fiainam-panahy amin'ny maha-Eglizy ny Eglizy. Tsara hoy aho izay fandraisana an-tànana izay, hozatry ny fiainana ny vola hoy ny fiteny fa tandremo fa ny vola ihany koa fototry ny ratsy rehetra hoy Andriamanitra fa entin' ny demony hiasa amintsika ny vola ka mila fitandremana. Noho izany jerentsika izay ny hafatra voalohany. Manararaotra aho manolotra anareo ny mompera miasa eto aminareo, efa fantatrareo rahateo dia i mompera Raphaël sy mompera Damien, ireo ny momperantsika ary ho anareo mompera aza adino izay fandraisana an-tànana ara-panahy izay. Efa nataoko tamin'ny alalan'ireo taratasy telo ny torolàlana, eto aho mitodika aminareo katekista sy inspektera : ivereno ireo taratasy anankitelo satria tsapako fa mbola tsy tafiditra ao anaty pastoraly ato amin'ny diosezy isika. Anareo mihitsy no nangataka mba irinay misy pastoraly mazava hitondrana ny fitoriana ny vaovao mahafaly, ary tsy iza izany fa i Kristy. Miainga amin'ny fototra izay vaovao mahafaly izay fa tsy hoe izay saim-pantatra no atao satria raha tsy izany lasa sekta isika ka samy manao izay saim-pantany. Mba ho hisy ny pastoraly iombonana izay, fivoriana nataontsika pretra, natao izay taratasy pastoraly izay, ka hiverenantsika ireo taratasy telo ireo.

Ireo taratasy pastoraly telo tsara hiverenana hovakintsika

Ny voalohany dia nanambarantsika fa ny fototra pastoraly eto amin'ny diosezy dia miainga amin'ny FIANAKAVIANA EGLIZY KELY, ary dia namporisihina isika tamin'izay, fianakaviana mandray lakroa, fianakaviana mivavaka araka ny hitantsika amin'ny sary hafatra efa any amintsika tsirairay avy. Hamporisihina ny fianakaviana hanana azy io ary ataoko fa mbola misy betsaka ao amin'ny mompera vicaire général, azontsika vidina mba hahalalantsika inona izay fianakaviana Eglizy kely. Ny olona rehetra eto amin'ny diosezy tokony hanana an'io hafatra io.

Ny sekoly rehetra amin'ny diosezy tokony hanana an'io koa satria ho ampianarana katesizy ny pastoraly, ary izay ny dikan'ny EVA. Manantena aho fa ny sekoly Immaculée Conception sy Sacré Coeur manana an'ity atao affiche isaky ny salle de classe ary eran'ny diosezy ihany koa. Mahatonga aho milaza an'izay, raha mamaky an'ity tatitra ity aho na avy amin'ny fikambanana na avy amin'ny firohotana, tsy misy fifandraisany amin'ny pastoraly ato amin'ny diosezy. Ekena izay fa vao manomboka isika ka adidiko ny mampatsiahy atsika ary anjaran'ny Eveka ny mamporisika atsika hiroso amin'ny làlana mahitsy mba tsy ho voavilivily ka rombahin'ireo olona izay mety mitady hamitaka atsika amin'ny alalan'ireo fivavahana maro samy hafa hitantsika ka mety hahatarika atsika. Izay indrindra no ataoko amintsika eto amin'ny misionan'ny Andapa : ivereno ireo taratasy ireo ary vakio mandritra ny fankalazana ny Eokaristia ary fakafakao ho atsika inspektera, isika katekista, isika ao anaty fikambanana masina na firohotana, aza variana mamaky ny taratasy avy any Antananarivo fa misy taratasy avy eto amin'ny diosezy ary eto amin'ny diosezy ny pastoralintsika fa tsy any Antananarivo amin'ny foiben'ny fikambanana Antily na Fanilo fa vakio ary ianaro, alalino eo anivon'ny fikambanana masina sy ny firohotana ary ny vaomiera isan-karazany ireo taratasy ireo.

Ny taratasy faharoa izay hita fa mety tsy tafita ny fampianarana, na tsy voavaha tsara satria taratasy manko ka tsy maintsy misy famakafakana. Nanazavana be dia be momba ny fandraisana an-tànana ny taratasy faharoa. Araka ny voalazako efa ataontsika io, tsara fa ampifandraiso amin'ny pastoraly eto amin'ny diosezy, hitantsika ao ny fanazavana ny mikasika ny hasim-pinoana, ny fanazavana ny rakitra, ahoana ny velontegnan'ny Eglizy, ahoana ny velontegnan'ny pretra ? Manantena aho fa ho vakiantsika izay.

Ny taratasy fahatelo izay ilaina alalinina tokoa satria manazava bebe kokoa an'izay fandraisana an-tànana amin'ny lafiny rehetra izay, tsy inona izay fa manazava hoe inona marina ny atao hoe Eglizy ary manazava ny rafitra eto amin'ny Diosezy izay miainga any amin'ny fototra fa tsy miainga any amin'ny lohany. Izay ny mahatonga ahy milaza hoe : tsy misy ny diosezy fa isika no mampisy ny diosezy izany hoe miainga avy any amin'ny Eglizy kely dia ny fianakaviana :

- Ny fianakaviana mitambatra no maha-Eglizy fiombonana (miombona izay ny Eglizy)
- Ny Eglizy fiombonana no mampisy ny Eglizy fototra izay hahitantsika ny inspection
- Ny Eglizy fototra mitambatra no mampisy ny Eglizy iraka (mission) ary izay hitako fa tsy misy tatitra avy amin'ny Eglizy mission ity tatitra ity fa ny Eglizy eto an-tanànan'ny Andapa ary averina matetika hoe Eglizy Reny, amin'ny maha-Eglizy Reny azy tsy hoe ambony fa miainga avy any amin'ny fototra.
- Ny Eglizy iraka mitambatra no manao ny Eglizy sektera
- Ny Eglizy sektera mitambatra no manome ny diosezy

Izay vao maha-Eglizy iombonantsika tanteraka azy ary mivelona ao anaty izay pastoraly izay isika. Tsara ho vakintsika izany ny taratasy telo ireo hahafahantsika, fa indrindra amin'izao faha-60 taona ny diosezintsika izao, mba hiroso lalindalina kokoa fa efa olombe, efa matoe olona 60 taona izany ka ilaina ny hirosoantsika lalindalina kokoa.

Fa amin'izao taona masina izao indrindra no hanehoantsika an'izay. Amin'ny farany aho no manolotra amintsika inona ny ataontsika amin'izao taona masina izao satria ny Papa mihitsy no manambara hoe : aoka mba misy asa mivaingana tsara ataon'ny tsirairay amin'izao taona masina izao. Izay ny fanirahana ataoko amintsika rehefa mamarana aho. Fa dieny izao aoka hifantoka amin'izao fankalazana izao isika hametraka izao dingam-piainana amin'ny misionan'ny Andapa izao araka izay hafatra napetraka amintsika izay. Apetrako aminareo mompera, apetraka aminareo masera voatokana, apetraka aminareo inspektera, apetraka aminareo hery velona rehetra ary indrindra amintsika ry Kristianana havana. Matoky anareo aho ka hiroso hanatona an'Andriamanitra isika, miantso atsika tokoa Andriamanitra fa indrindra amin'izao taona masina izao, amin'izao fiomanantsika amin'ny Noely, eto anivontsika Andriamanitra, Emanoela no anarany. Mitady hanasoa atsika izy, mitady ny soa sy ny tsara ary ny meva ho atsika tsirairay avy izy matetika anefa isika no manampimaso, satria mason'izao tontolo izao no manjaka ka voafitaka isika, lasa mitady izay zavatra mandalo sy ny rendrarendra voasariky ny maso isika ka tsy mahita ny tena izy eo amin'ny fiainana. Ary ny tena izy eo amin'ny fiainana dia tsy iza fa Andriamanitra. Rakotra ny fontsika ka matetika tsy fo araka ny sitrak'Andriamanitra ny fontsika, mbola fitiavan-tena, ny fialonana, ny avonavona, ny vola no manjaka eo amintsika ka tsy mandray an'Andriamanitra isika. Tsy t`anan'Andriamanitra no ifandraisantsika fa ny t`anan'izao tontolo izao ka aza gaga isika raha hery setra, halatra, vandivandy, kapoka no manjaka eo anivon'ny fianakaviana, eo anivon'ny fiaraha-monina. Tonga ary Andriamanitra ka handeha hosokafantsika ny fontsika handinika an'izay rehetra izay tahaka an'i Masina Maria nandinika an'izany rehetra izany tao amp`o. Enga anie mba havaozin'Andriamanitra ny fontsika vokatr'izao fankalazana izao ka hanana fo tahaka an'i Masina Maria isika fa indrindra ianareo izay handray ny sakramentan'ny fankaherezana. Tahaka an'i Masina Maria ianareo izao, ny Arkanjely Gabriely no milaza aminareo, izay no mahatonga anareo rehefa ho antsoina ka mamaly tahaka an'i Masina Maria "Inty aho". Ka enga anie ny fanahy masina izay niasa tamin'i Masina Maria hiasa aminareo ka ho tena vavolombelona tokoa ianareo ary tsy ianareo ihany fa ny vahoaka olo araiky jiaby ato amin'ny misionan'ny Andapa.

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson